Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Jeudi 28 mai 2020

Thème : Ny fanoharana ny amin'ny Talenta
Texte : Matio 25,14-30
Mitarika : Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM194/1,3
1 . Andriananahary ô,
Endrey ny voninahitrao!
Ny tany sy ny lanitra
Mamelatra ny lazanao.
Ny asanao rehetra e!
Ny famonjena lehibe,
Mitari-dalana anay,
Hidera ny Anaranao.

2. Ô, ry Fanahy Masina,
Izay mitarika anay
Hanetry tena sy hanaiky
Fa mpanota izahay,
Mitaona sy mananatra anay
Handray ny avotra,
Ka manamasina anay,
Mba raiso ny fisaoranay.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM391/1,3
1. Mpanota ô, mba mihevera tsara
Fa mora tapitra ny andronao
Hevero, fa ho avy ny Mpitsara
Handinika ny raharahanao

3. Izay mamafy araka ny nofo
Hijinja fanimbana lehibe
Izay mamafy tsara amin-joto

Homen'ny Tompo fitsaharam-be

Fampidirana

FFPM432/1
1. Mandra-pihavin'ny Tompo mivavaha,
Ny teny tsara nomeny tadidio :
Ny adidinao , tontosay sy efao
Mijery ny ataonao ny Ray.

Fiv : Raha mpanompo tsara hianao,
He, ny Tompo faly aminao,
Koa tanteraho ireo adidinao,
Mba ho mpanompo mahasoa.

Vakiteny 1 : Matio 25,14-18

Fanazavana fohy

FFPM432/2
2. Mandra-piavin'ny Tompo, miasà
Ampitomboy ireo talenta azonao,
Vola, fahaizana, aina, hery koa
No anompoy ny Tompo Tsitoha.
Raha mpanompo tsara hianao, sns...

Vavaka isan-tokantrano

- Hibebaka isika mba hahay hitantana sy hampitombo ny talenta nankinina tamintsika
- Ho an'ny tanora izay mitrandraka izany "vocation" izany.
- Misaotra an'Andriamanitra tamin'ny nanomezany an'I Pasteur Zozo izay nanome ny talentany rehetra hikarakarana ny vahoakan'Andriamanitra

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Matio 25,19-23

Fanazavana fohy

FFPM432/3
3. Moa tianao va Ilay Mpamonjy Tompo soa
Ny ràny anie nanavotany anao !
Ny hafany tanteraho sy hajao
Valio ny fanavotany anao.
Raha mpanompo tsara hianao, sns...

Vavaka isan-takantrano

- Mba samy handray an'I Jesosy ho Tompo sy mpamonjy ny fiainantsika mba tsy ho menatra amin'ny fiverenan'I Kristy indray.
- Mba samy hiditra amin'ny fifalian'ny Tompo isika sy ireo zaza nomen'ny Tompo antsika.
- Hampionona ny fianakavian'I Pasteur Zozo sy ny Fpma Nice satria efa niditra amin'ny fifalian'I Kristy izany mpanompony izany.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Matio 25,24-30

Fanazavana fohy

FFPM305/1

1. O! miasà, sakaiza,
Jeso no herinao;
Na misy mafy aza,
Izy tsy handao.
Dia matokia tokoa,
Fa Jeso momba anao.
Ka hisy voka-tsoa
Hifalianao.

Vavaka isan-tokantrano

- Samy hahatoky an'Andriamanitra amin'ny fitantanany fa tsy himonomonina.
- Fitomboana amin'ny fanomezam-pahasoavana.
- Ny rafitra rehetra eto amin'ny Fpma hitombo amin'ny fanomezam-pahasoavana hikarakarana hatrany ny raharahan'ny Fiangonan'Andriamanitra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM305/4

4.Rehefa tonga Jeso,
Tompon'ny asanao,
Ary hamaly soa
Ny mpiasany.
Mandrakizay doria
No hifalianao,
Raha mpanompo tsara
Mahatoky e!

Hafatra

« Aza tsy mitandrina ny fanomezam-pahasoavana izay ao anatinao, izay nomena anao tamin' ny faminaniana sy ny fametrahan-tànan' ny loholona. Mazotoa hihevitra izany zavatra izany,

dia mikeleza aina fatratra amin’ izany, mba hiseho amin’ ny olona rehetra ny fandrosoanao.» 1 Timoty 4,14-15

FFPM332/1,2

1. Finaritra ny olonao,
Jesosy Tompo ô,
Fa manana ny aim-baovao,
Ka ravo eram-po.
Ny famonjena vitanao
Dia efa voaray izao,
Ny fifaliany aty
Hitohy hatrary.

2. Izaho va, Jesosy ô,
Mba isan’ny Anao?
Ny solika fitaizako
Moa misy va izao?
Hevero, ry fanahiko,
Ka aza mety afa-po
Ambara-pahafantatrao
Fa Jeso no anao.

Tsodrano

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo. Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo. Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo ny fiadanana